# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7597 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Alatsinainy 19 jona 2023


## FIANARANTSOA

# ZAZAVAVY 2 KILAN'NY AFO TAO ANATY TRANO MAY

2

## MARINA IZANY !

### ANDRASANA FATRATRA !

7

## BAREA-GHANA

4



### NISARAKA ADY SAHALA

## ANTENIMIERAN'NY OLOBEN'I MADAGASIKARA

7




### "MIHARITRA NY HAREM-PIRENENA..."

## ANTSIRABE : KONGRESIM-PARITRY NY TIM

7

# NOSAKANANA, NIREFODREFOTRA NY BAOMBA MANDATSA-DRANOMASO



## ONIVERSITEN'ANTANANARIVO

### ROA ANDRO HANANDRATANA NY TENY SY KOLONTSAINA MALAGASY

4

## DELESTAZY

3

### MAMPIKAIKAIKA NY RAY AMAN-DRENY MANANA ZANAKA MANOMANA FANADINANA

## CEPE 2023

3

# 515 081 IREO MPIADINA







Fianarantsoa

# Zazavavy 2 kilan'ny afo tao anaty trano may

Nahatsiaravina ny zava-nitranga tao Tanambao Zoara, kaominina Ambonivohitra Fianarantsoa, faritra Matsiatra Ambony, ny sabotsy teo tokony ho tamin'ny 9 ora sy sasany maraina. Trano iray misy rihana no may ka namoizana aina zazakely miisa 2. Niainga avy any amin'ny farany ambony ny afo. Izany hoe tany ambony tafo no nirehitra. Vokatr' izany dia tsy tafavoaka fa tavela tao ireo zaza ireo. Raha ny fanazavana voaray dia nahery be ny firehetana ka nampanano sarotra ny famonoana azy. Niezaka namono ny afo ihany ireo fokonolona, saingy tsy avotra intsony ireo ankizy ireo. Tonga teny an-toerana ny mpamonjy voina vao voafehy tanteraka ny loza. Raha ny angom-baovao voaray dia ahiana ho fifampikasohan'ny herinaratra no nahatonga ity hain-trano ity.

**Mipetra-drery**

Voalaza fa nikarama nanasa lamba tsy lavitra loatra ny tranony ny renin'ireto zaza ireto. Tsy tao an-trano izy tamin'io fotoana nitrangan' ny loza io. Mpanofa ihany koa izy ireo fa tsy tompon-trano ary mananon-tena ilay renim-pianakaviana. Hatreto dia mbola tsy fantatra ny teti-bidin'ny entana may sy izay mety ho fahavoazana. Na izany aza, mitohy ny fikaroham-baovao, mba hahafantarana ny tena zava-nisy marina nahatonga izao loza namoizana ain'olona izao . Marihina fa vao 4 sy 10 taona monja ireo zaza kilan'ny afo ireo, ary efa natolotra ny fianakaviany ny razana.

**Ariel D.**



Tsiroanomandidy

## Arahi-maso ny DREN Bongolava, nidoboka am-ponja ny sefo zap

Natao eo ambany fanaraha-mason'ny fitsarana ny «DREN» Bongolava ary naiditra am-ponja vonjimaika ny sefo «Zap» ao Ambalanirana, sy mpampianatra iray. Io no vokatry ny fanadihadiana natao azy ireo teny amin'ny fampanoavana lapan'ny fitsarana Tsiroanomandidy tamin'ny raharaha fitoriana an'ireto tomponandraikitra eo anivon'ny sehatry ny fampianarana ireto. Raha tsiahivina dia nisy nitory ny « DREN » Bongolava sy ny sefo «ZAP» Ambalanirana ary mpampianatra iray ao amin'ny distrikan'i Tsiroanomandidy ao. Niakatra teny amin'ny « PAC » ny raharaha ny alakamisy teo saingy nilaza ny mpitsara mpanao famotorana tao fa tsy raharahan-kolikoly no anenjehana azy ireto fa fisolokiana. Votoatin'ny fitoriana azy ireo mantsy ny raharaha fanamparam-pahefana sy fakana vola tsy ara drariny tamin'ny mpampianatra Fram, izay nampanantenaina fa horaisina ho mpiasam-panjakana. Tsy mbola voaray ho mpiasam-panjakana akory anefa ireto mpampianatra ireto ka nametraka fitarainana teny anivon'ny mpitandro ny filaminana, ary izao niakatra fitsarana izao ny raharaha.

**Ariel D.**

Beroroha

## Naiditra am-ponja ny ben' ny tanàna ao Tanandava

Migadra any amin'ny fonjan'Ankazoabo ny ben'ny tanàna Lahinirina Razafitamandro Francis Zico, izay voafidy tao amin'ny kaominina Tanandava, distrikan'i Beroroha. Raha ny angom-baovao dia ahiana ho noho ny raharaha hain-trano niseho tao amin'ny fokontany Vohimary, kaominina Behisatsy, distrikan'i Beroroha, efa tamin'ny volana janoary ity nahatonga azy hidoboka ity. Trano 9 no may tamin'io fotoana io ary tsy nisy nianagana fa may tao avokoa ny entana rehetra. Taorian'io dia voalaza fa ity ben'ny tanàna ity no nolazaina fa naniraka ny olona nanao an'io asa ratsy io ary izy ihany koa no voalaza fa tompon'andraikitra amin'ny tranga tsy fandriam-pahalemana rehetra miseho any amin'ny faritra. Ahiana ho mety ho izany tranga izany no niteraka an'izao raharaham-pitsarana momba azy io.

**Ariel D.**

## Tsatsy sy taroa

***#Nentina tamin'ny angidim-by ary nihazo avy hatrany tao amin'ny Hôpitaly CENHOSOA ireo miaramila roa voatifitry ny dahalo nandritra ny fifandonana mahery vaika tany Mandoto.*** Ny iray amin'izy ireo dia mila fandidiana haingana, ny iray hafa kosa dia niharan'ny fianjerana mafy ka mila fanaraha-maso akaiky. Tonga nitsidika azy ireo ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Jeneraly Rakotoarijaona Josoa, niaraka tamin'ireo delegasiaona notarihiny, nanome fankaherezana. Horaisin'ny tafika antanana ihany koa ny fikarakarana sy ny fitsaboana azy ireo.

***#Ankadikely Ilafy.*** Lehilahy iray no hita faty tao anaty tatatra tao amin'ny fokontany Anjakarihasina, ny sabotsy maraina teo. Raha ny angom-baovao voaray dia olona mamo ity namoy ny ainy ity ny alina ka nianjera tao anaty tatatra. Io no nitarika ny fahafatesany. Efa any am-pelatanan'ny fianakaviany ny razana.

**Ariel D.**



## FIHETSIKA MAHA TE HIDERA NO NASEHON ' I MPAMINANY SHI WULE

Tsy nataon' i Mpaminany Shi Wule ho tsinontsinona ny fetim-pirenena Malagasy, fa nataony ho zava-dehibe ny fanamarihana izany amin'izao hakatoky ny hasaramanitra izao. Fomba iray mendrika tokoa, ary fanomezana hasina ny fiandrianam-pirenena ny fananganana ny fanevam-pirenena, na sainam-pirenena rehefa mipaika ny volana Jona eto Madagasikara, ka manoloana izany indrindra dia naniraka ny iray amin'ireo mpianany ny Mpaminany mba hividy sainam-pirenena malagasy, ka nanolotra izany tamin'ny mpiambina ny tanàna izy, rehefa voarain'ireo ekipan'ny fiarovana, na ny mpiambina ny sainam-pirenena dia natao ny fanaganana izany teo afovoan' ny tanàna teto amin'ny Tempoly Tendrombohitra Faly Andranovelona. Faly ny fo amam-panahin'ireto malagasy manoloana io fihetsika maha te hidera izay nataon' i Mpaminany Shi Wule io. Manambara izany fihetsika izany fa iray fo, iray saina amin'ny malagasy ny Mpaminany Shi Wule, ka nomarihany sy noporofoiny izany tamin'ity andro faha sivin'ny volana Jona ity. Raha tsiahivina moa dia efa nizara fanomezana toy ny akanjo sivy isam-batan'olona eo ho eo, kiraro, satroka, bodofotsy mafana, sns....... ho an'ny fianakavian'ny mpiambina rehetra izy raha vao nigadona ny volana Jona, satria tsapany ny fahasahiranan'ny fianinan'ny fianakavian'ny mpiambina, eo ihany koa ny hirifirin'ny hatsiaka amin'izao andro ririnina izao, ary nilaza ihany koa izy fa mbola hisy fanomezana maro hozarainy mialoha ny fetim-pirenena Malagasy. Maro tsy voatanisa ireo fanomezana natolony ireo ekipan'ny fiharovana. Tsy hoe mpanankarena izy ka manao fanampiana, fa noho ny fahatsoram-pony dia hataony ny hezaka araka izay azony hatao mba hanampiany ny malagasy. hoy izy hoe "ianareo no hapinganay, miantoka ny fiarovana ny tanàna". Mifandray am-po tanteraka amin'ny malagasy ny Mpaminany Shi Wule, ary tsapa sy hita izany io amin'ny fifandraisana sy ireo fihetsika asehony.







GCL 547/1-1

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Haikanton'ny fanantenana ny faharetana misy ao anaty, ka ezaho ho kanto sy meva, koloy mba haharitra sy hateza."
Ny Vetso (17 .O9. 14)
(«La patience est l'art d'espérer. » Vauvenargues)

CEPE 2023

# 515 081 ireo mpiadina hiatrika ny fanadinana

Nanomboka nijery ny efitrano hiadinana ny faran'ny herinandro teo ireo mpianatra hiatrika ny CEPE amin'ity taona 2023 ity. Misy 515 081 ny isan'izy rehetra ireo manerana ny nosy ka 99 ireo voalaza fa manana tsy fahatomombanana arabatana. Maro an'isa indrindra ny mpiadina avy eto Antananarivo izay mahatratra 169 022, mizara amin'ny foibem-panadinana 572. Ho an'i Fianarantsoa kosa, 95 573 ny isan'ireo mpiadina mizara amin'ny foibem-panadinana 411. Ho an'i Toliara misy mpiadina 47 310 any an-toerana ary mitsinjara amin'ny foibem-panadinana 199. Any Mahajanga kosa, mpiadina 66 174 ireo hiatrika ny CEPE ary mitsinjara amin'ny foibem-panadinana 268 ireo. Ho an'Antsiranana indray, misy 53 740 ny isan'ireo mpiadina, izay mitsinjara amin'ny foibem-panadinana 169. Any Toamasina, mahatratra 83 263 ny isan'ny mpiadina ary mitsinjara amin'ny foibem-panadinana 376. Mbola misy ireo mpianatra tsy mbola nahazo ny taratasy fiantsoana ka androany vao hiezaka hitady ny foibem-panadinana. Efa mivonona amin'ny fanaterana sy fikarakarana rehetra kosa ny ray aman-dreny izay naka fotoana tsy hiasana mihitsy eo anoloan'izany. Tsy mbola fantatra kosa hatreto ny fotoana hivoahan'ny vokapanadinana fa miankina amin'ny habetsaky ny taratasy fanadinana sy ny fandikana ny naoty.

Nath

Mpandraharahan'ny fizahantany

# 189 mianadahy notolorana mariboninahitra

Mpiantsehatra sy mpandraharaha ao amin'ny tontolon'ny fizahantany 189 no notolorana mariboninahitra "Commandeur de l'Ordre National", "Officier de l'Ordre National" ary "Chevalier de l'Ordre National" ny faran'ny herinandro teo. Nankasitrahana ny asa vitan'izy ireo sy ho fanajana ny zavatra rehetra nataony ho fampiroboroana ny sehatry ny fizahantany eto amintsika. Tomponandraikitra ambony maro no nanome voninahitra izany fotoana izany teny amin'ny CCI Ivato sady mifanindran-dalana amin'ny hetsika ITM ihany koa. Anisan'izany ny minisitry ny asa tanana, ny minisitry ny rano, ary ny minisitry ny fizahantany Randriamandranto Joel, izay nankasitraka manokana sy nidera ny herimpon'ireto lehilahy sy vehivavy nanaiky hiandraikitra ny tontolon'ny fizahantany eto amintsika. Nikatona omaly alahady kosa ny hetsika ITM andiany fahasivy. Fotoana izay nanan-karena tokoa tamin'ny fifaneraserana sy ny fizarana traikefa teo amin'ny mpandray anjara rehetra. Nisy ihany koa ny f a m p a h a f a n t a r a n a mpandraharaha vaovao ao amin'ity sehatry ny fizahantany ity ary tsy kely indrindra ny nanasana ireo nosy rahavavy hiaraka hiasa hampahafantatra ny lazan'i Madagasikara any ampitan-dranomasina any. Tokony homena fahafahana misitraka tolotra takatry ny fahefa-mividiny sady mendrika ihany koa anefa ny Malagasy eto an-toerana, izay efa manomboka mitia ny faritra sasany raha ny zava-misy rehefa fotoampialan-tsasatra any Mahajanga sy Toamasina no resahina.

Nath

Ofisim-Paritry ny Fizahantany Toliara

# Mikarakara hetsika fitsidihana takatry ny sarambabem-bahoaka

Iray amin'ireo toerana tsy mbola betsaka mpitsidika kanefa manana ny maha izy azy raha ny harena misarika mpizahatany no resahina i Toliara. Mikarakara hetsika hisintomana mpizaha tany anatiny ny Ofisim-paritry ny Fizahantany ao Toliara mandritra ny fialan-tsasatra lehibe ho avy izao. "Manomboka ny 4 aogositra hatramin'ny 19 aogositra 2023 dia mikarakara "voyage organisé" ahafahana mijery toerana maro malaza any Toliara mandritra ny 3 na 4 andro izahay. Fotoana iray fandalovan'ny trozona ihany koa io fotoana io alohan'ny hiakaran'izy ireo any avaratra. Azo atao ihany koa ny mitsidika ny valan-javaboary, mandeha any Andavadaoka, Salary, Anakao ary ireo toerana maro be noeritreretin'ny maro fa lafo vidy, raha ho anay eo anivon'ny ORT miaraka amin'ny mpandraharaha amin'ny sehatry ny fizahan-tany. Natao ho takatry ny fahefamividin'ny sarambabembahoaka ny tolotra. Manomboka amin'ny 300 000Ar miala ao Toliara", hoy Raoelijaona Rija, tale mpanatanteraka Ofisim-Paritry ny Fizahantany ao Toliara. Arahina hetsika maro azo iarahana ao Toliara izany rehetra izany. Tanjona ny hampahalaza an'i Toliara sy hisintomana mpizaha tany malagasy. Tamin'ny faran'ny taona, manodidina ny 50 isanjato ny mpivahiny malagasy tonga tany an-toerana ary niakatra 15 isanjato ho an'ireo mpizaha tany vahiny. Anisan'ny sakana ny fahasarotan'ny tapakila, sady vitsy ny sidina rezionaly. Eo koa ny tsy fisian'ny sidina iraisam-pirenena na efa manaraka ny fenitra aza ny seranam-piaramanidina any an-toerana.



Ireo tomponandraikitra misahana ny Ofisim-Paritry ny Fizahantany ao Toliara.

Nath

Ririnina

# Mafana kokoa mihoatra amin'ny tokony ho izy amin'ity taona ity

Ao anatin'ny vanimpotoanan'ny ririnina tanteraka isika amin'izao fotoana izao. Araka ny fanazavan'ny tomponandraikitra eo anivon'ny foibe famantarana ny mety ho toetry ny andro, amin'ny ankapobeny, dia mafana kokoa mihoatra amin'ny tokony ho izy ny ririnina amin'ity taona ity. Ho hita izany ao anatin'ny telo volana, izany hoe manomboka volana jona hatramin'ny aogositra. Somary mafana kokoa any amin'ny faritra avo ka anisan'izany ny any Ankaratra. Ato anatin'ny telo andro kosa, hisy fidinana misongadina ny maripana ambany indrindra na ny ambony indrindra any amin'ny tapany atsimo sy ny ilany atsinanan'i Madagasikara, sy ny alondrano izay ho tafakatra hatrany amin'ny 2,5m. Misy rindrin-drahona ao atsimon'i Madagasikara izay manome vahana ny zavona, sy ny erika ary nikisaka miandalana izy ny alahady ary hahazo vahana ny varatraza. Hisy fidinana misongadina ny maripana ambany indrindra any atsimo sy atsinanan'i Madagasikara. Mety hidina hatrany amin'ny 5 C ny maripana farany ambany izay hita any Vakinankaratra, 9 C Matsiatra ambony ary 12 C ho an'Analamanga. Ho amin'ny anio alatsinainy, na mihamalefaka aza ny varatraza dia hisy orana malefaka any Sava, Analanjirofo ary Atsinanana. Any Betsiboka sy Boeny kosa mety ho tafakatra hatrany amin'ny 35 C ny maripana farany ambony. Tombanana hiakatra ny maripana rahampitso talata.

Nath

Fahatapahan-jiro lavareny

# Mampikaikaika ireo ray aman-dreny manan-janaka manomana fanadinana

Velon-taraina ireo ray aman-dreny manan-janaka manomana fanadinam-panjakana izay hanomboka amin'ity herinandro ity noho ny delestazy lavareny miverina mahazo laka indray. Tsy afaka manao famerenan-desona mantsy ireo ankizy, tsy voatery hiatrika CEPE ihany fa ao anatin'ny fanadinana fiakarana kilasy ihany koa ny hafa rehetra. Ankoatra an'izay, miahiahy amin'ny tsy fandriampahalemana ihany koa ny rehetra, satria tapaka maharitra ora 6 ny herinaratra amin'ny alina ary miverina kelikely izany dia tapaka indray ary tsy mirehitra raha tsy efa maraina mihitsy. « Tao anatin'ny telo alina izay, tapaka foana ny jiro teto Ankadindramamy sy ny manodidina, hatrany Mahazo. Tsy fantatra mazava fa dia maharitra dia maharitra izany delestazy izany. Ny olana anefa, ny mpianatra ao anatin'ny fotoanan'ny famerenan-desona daholo. Ny vidin'ny labozia efa tsy laitra vidiana, kanefa maromaro vao mahazava trano. Manao antso avo amin'ny tomponandraikitra izahay ray aman-dreny satria ny ho avin'ilay zaza iray manontolo mihitsy no tandindomin-doza", hoy i Holinavalona, raim-pianakaviana monina etsy Mahazo. Faritra maromaro no misedra izany olana izay nolazain'ny jirama fa noho ny faharitan'ny ranon' Andekaleka. Vao avy niala ny fotoam-pahavaratra anefa isika ary hiditra anaty ririnina sy lohataona ka azo antoka fa tsy hivaha vetivety mihitsy izany olana amin'ny famatsiana herinaratra izany, ary mazava ho azy fa misy fiantraikany amin'ny famatsiana rano ihany koa izany.

Nath


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, TV, frigo, korontana sns. M. Sarah. Tél : 034.03.047.43 / 033.06.917.40. (G-BA 565/16-14)

* Lamba, kiraro, poketra, lakozia, kilalao, debara, fanaka. Tél : 034.61.958.82 / 033.07.941.16. (G-BA 569/15-11)

### A LOUER

* Tsena ampanofaina, be mpandalo sy efa folaka. Afaka anaovana activité. Tél : 034.40.040.65. (G-BA 579/10-3)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 575/10-4)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy « coupe homme ». Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 575/10-4)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 573/6-6)

### VIDANGE

* Fosse septique puisard Makiplast wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 571/15-8)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 578/6-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 578/6-4)

* Manao asa momba ny vidange wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 578/6-4)

* Vidange wc fosse septique, wc perdu, puisard, pompage Makiplast, réparation. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 576/20-4)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 581/20-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.47.024.33. (G-BA 580/20-2)

Karate - Lalaon'ny Nosy

# Ho fantatra amin'ny 9 jolay ny handrafitra ny ekipam-pirenena

Amin'ny alahady 9 jolay no hivoaka ny anaran'ireo karateka, handrafitra ny ekipam-pirenena malagasy, hiatrika ny Lalaon'ny Nosy, taranja karate. 31 no isan'izy ireo, ka aorian'ny fampivondronana faha-6, hotanterahina amin'ny 6 – 7 – 8 – 9 jolay no hivoahan'izany. Marihina fa nifarana omaly tetsy amin'ny Mada Hotel Ambohimangakely ny fampivondronna faha-5. Karatekas 76 lahy sy vavy (kata sy kumité) no nanaraka izany, teo ambany fitantanan'ny mpanazatra Nasionaly, Sensei Charlie, nampian'ireo teknisiana 5 mirahalahy. Fanamby nomen' ireto atleta ireto ny tsy hisian'ny medaly volamena mivoaka eto mandritra ity andiany faha-11 ity. Raha hiverenana dia efa tamin'ny desambra 2022 no nanaovana ny fampivondronana voalohany, izay hitiliana ireo handrafitra ny ekipam-pirenena. Nambaran-dRatefinanahary Emile, filohan'ny federasiona, fa nomena fahafahana malalaka amin' ny fisafidianana ireo karateka mendrika ny teknisiana, nampian'ilay manampahaizana frantsay, Shihan Georges Hafizou, tepana mainty 7ème dan. Ity farany dia notolorana ny medaly volamena avy amin'ny filoham-pirenena omaly tetsy Ambohimangakely. Manana Minisitera roa mpiahy (Atitany sy ny Tanàna vaovao) moa izy ireto, ary nampanantena fanohanana sy fiaraha-miasa. Tsy hijanona intsony ny fanazarantena ho an'ireto karateka ireto, raha ny nambaran'ny federasiona, ary miandrandra vokatra tsara mandritra ity Lalaon'ny Nosy ity.

**Rabenaivo**

Oniversiten'Antananarivo

# Roa andro hanandratana ny teny sy ny kolontsaina malagasy

Amin'izao fankalazana ny iray volana hanandratana ny teny malagasy izao dia mikarakara fifaninanana maro miompana amin'ny lohahevitra hoe "Teny sy fomba malagasy, mampandroso" ny fakiolten'ny Siansa sy ny Fikambanan'ny Mpianatra Siantifika Antananarivo, na ny FMSA. Ny 22 sy 23 jona ho avy izao no hanatanterahana izany eo amin'ny Esplanade eny Ankatso. Handray anjara amin'izany ny fakiolte rehetra, ny oniversite rehetra, ny mpianatra, mpampianatra, mpandraharaha. Fa misy olona ivelan'izany ihany koa handray anjara. Lohahevitra maro no hifaninana ka tafidita ao antiny ny kabary amin'ny alalan'ny "don-tany sy kapo-tandroka", "tononkalo"," hira malagasy" ary "dihy netim-paharazana" sy ny "teny sy fomba malagasy". Mialoha ny fifaninana dia hisy ny filaharam-be handraisan'ny rehetra anjara amin'io fotoana io izay miainga eo amin'ny toby fiantsonan'ny fiara fitateram-bahoaka zotra119 mihazo ny Esplanade. Efa nisokatra moa ny fisoratana anarana ho an'ireo taranja hifaninanana ka ho an'ireo izay mbola mazoto ny handray anjara dia afaka mijery ny pejy fesibokin'ny oniversiten'Antananarivo izy. Anisan'ny tompon'andraikitra amin'ity fifaninanana ity i Gervais mpikabary, ary hanentana mandritra ny hetsika i Antsa Maria sy Fanantenana Razanakolona. Tanjona amin'ny fifaninanana raha araka ny fanazavana dia ny hanandratana ny teny sy ny fomba amam-panao ary ny kolontsaina malagasy ary hanaporofoana ihany koa fa ankoatra ny lalam-piofanana izay rantovon'ny ankizy eny anivon'ny oniversite dia tsy manary ny maha malagasy azy izy ireo, ary indrindra ho mariky ny firaisankina.

**Tiaray R**

Jean-Joseph Rabearivelo

# Ilay poeta namono tena nefa tsy maty

"Ny fasako, fasako ihany…" Iza no tsy mahalala io poezia io raha mbola Malagasy nandia fianarana ihany. Ankoatra ilay lycée malaza iray eto Antananarivo dia io sanganasany io no tena ahafantarana an'i Jean-Joseph Rabearivelo. Pôeta izy. Mpanoratra tantara ihany koa, indrindra fa ny tantara tsangana. Nampahatsiahivina daholo izany, ny sabotsy 17 jiona teo, nandritra ny "Bar à livres" izay notontosaina teny amin'ny Le Park, Bemasoandro-Itaosy.



Ireo mpandray anjara notronin'ny zafikelin-dRabearivelo.

Betsaka ny fantatra momba an'i Jean-Joseph Rabearivelo, nefa mbola maro koa ny ampahan'ny fiainany tsy haintsika. Fantatra, ohatra, fa nanoratra tamin'ny teny malagasy sy frantsay izy. Nefa vitsy no mahalala fa nanoratra tamin'ny teny anglisy sy espaniola ihany koa izy. Izy aza no heverina fa mpanoratra afrikana nisava lalana tamin'ny teny espaniola ary manakoako any amin'ireo firenena latina ny sanganasany ankehitriny. Ankoatra izay dia nanana talenta niafina koa izy dia ny sary. Maro ireo hosodoko nataony ary nifandray tamin'ny sangany tamin'izay sehatra izany izy : Alexandre Yakovlev (1887-1938) sy Urbain-Faurec (1893-1954).

120 taona amin'ity 2023 ity Jean-Joseph Rabearivelo. Indrisy fa nifidy ny handao an-tsitrapo ny tany izy tamin'ny 22 jiona 1937. Izy anefa no lasa fa ireo sanganasany tsy maty akory fa mbola velona mandraka ankehitriny.

Artista efa lasana ihany koa, saingy mbola tsaroana hatramin'izao : Vahömbey. Nisy mari-pahatsiarovana ho azy (« Place Vahömbey ») nosantarina eny amin'ny Le Park Bemasoandro-Itaosy noho ny fitsingerenan'ny nahalasanany (18 jiona 2022). Amin'ny sabotsy fahatelon'ny volana jolay indray ny "Bar à livres" manaraka.

**Fy**

Kitra - Barea # Ghana

# Nisaraka ady sahala samy tsy nisy nitoko



Ady sahala samy tsy nisy nitoko omaly tetsy amin'ny kianja Barea Mahamasina no nisarahan'ny fihaonana teo amin'ny Barean'i Madagasikara sy ny Kintana Maintin'i Ghana, taranja baolina kitra. Raha nanantena haka ny isa 3 teto Madagasikara tamin'ity andro fahadimy ny fifanintsanan'ny CAN 2023 ry zareo Ghana, tsy izay no nitranga fa tena nosahiranin'ny Barea tanteraka izy ireo. Hita taratra ny fahavononana handrombaka fandresena ho an-dry André Ayew, izay nifehy sy nanatombo tamin'ny fitazomambaolina teo amin'ny 15 minitra voalohany. Ankilany, niezaka nanakana ny rindran-damina sy ny fanafihana nataon'ireto mpifanandrina ireto ry Carolus. Nety sy nahomby ny fampiarahana an-dry Ando Pro, Baggio tao afovoan'ny kianja, izay nameno tsara an-dry Metanire, Boyer, Dadafara, Berajo tao aoriana, izay tsy nahitan-dry Pensil hirika mihitsy. Hita ho nahazo aina amin'izay ny Barea teo amin'ny fizaram-potoana faharoa, ry Tendry, Lalaina, Dorian indray no nifehy ny lalao saingy tsy tonga hatramin'ny farany izany. Niezaka nanova mpilalao na ry zareo Kintana Maintin'i Ghana na i Roro mpanazatra, nampiditra an-dry Amada, Zotsara, Hakim Abdallah, Tantely ary Tsiry saingy tsy nanova inona izany ka io ady sahala samy tsy nisy nitoko io no nisarahan'ny fihaonana. Taorian'iny vokatra iny, mitarika vonjimaika ao amin'ity vondrona ity Ghana, manana isa 9, arahan'ny ekipam-pirenen'i Angola, manana isa 8, izay avy nandresy an'i Centrafrique, tamin'ny isa 2 no ho 1. Ireto farany izay nidina laharana fahatelo (isa 7), mbola laharana farany kosa ny Barea, manana isa 2. Ankoatran'i Madagasikara, izay tsy anatin'ny hazakazaka intsony, mbola hiandry ny voka-dalao amin'ny andro farany(septambra) vao ho fantatra ireo ekipa roa ho tafavoaka, izay iadivan'ireto Firenena telo voalohany ireto. Tombanana tsara toerana i Ghana sy Angola, izay samy hampiantrano ny lalao mandritra izany.

**Rabenaivo**




Mendrika ny zava-bitan'ny Barea omaly.

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Mibata entana*




## Masoandro miposaka

**Lioka 4 : 14**

14 Ary Jesosy niverina tamin'ny herin'ny Fanahy nankany Galilia; dia niely tamin'ny tany rehetra manodidina ny lazany.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy


Nil : Tel: 033 07 465 05

## Hatsikana an-tsary

*Izay tiana mitombo.*





## Ohabolana



**Maro tsy azo tompoina : roa mifamono, telo mifandoro trano, fa iray ihany no mahasoa.**

On ne peut être le serviteur de plusieurs : si on a deux maîtres, ils se battront (à cause de vous) ; si on en a trois, ils se mettront le feu à leurs maisons ; il faut n'en avoir qu'un.




## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **2978**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | | 2 | | | | | 3 | 7 |
| 3 | 4 | | | | | | 9 | |
| | 9 | 6 | 7 | | | | | |
| | | | | | 7 | | 2 | |
| | | | 4 | 5 | | | | |
| | 3 | | | | 9 | | | |
| | | 3 | | | | 4 | | 1 |
| | 1 | | 2 | | | 5 | | 9 |
| 4 | | | | 1 | | | 6 | 2 |

Valin'ny laharana **2977**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 8 | 6 | 3 | 5 | 4 | 2 | 7 | 1 |
| 1 | 5 | 3 | 6 | 2 | 7 | 8 | 4 | 9 |
| 7 | 2 | 4 | 8 | 1 | 9 | 5 | 3 | 6 |
| 5 | 7 | 2 | 9 | 6 | 1 | 3 | 8 | 4 |
| 6 | 3 | 1 | 4 | 8 | 5 | 7 | 9 | 2 |
| 8 | 4 | 9 | 7 | 3 | 2 | 1 | 6 | 5 |
| 2 | 6 | 8 | 5 | 4 | 3 | 9 | 1 | 7 |
| 4 | 1 | 7 | 2 | 9 | 8 | 6 | 5 | 3 |
| 3 | 9 | 5 | 1 | 7 | 6 | 4 | 2 | 8 |

Antsirabe

# Nosakanana ny kongresim-paritry ny antoko TIM, nirefodrefotra ny baomba mandatsa-dranomaso







Efa niomana fatratra tamin' ny zavatra mety hitranga ny amin'ny kongresim-paritra nokasain'ny antoko Tim hatao ny mpitondra fanjakana ary efa nivonona ny mety ho fiantraikany, satria efa maty paika fa tsy homena alalana hanao izany ao amin'ny tokotanin'ny Magro izy ireo. Nambaran'ny Prefet an'Antsirabe miadidy ny faritra Vakinankaratra ny alin'ny zoma hifoha sabotsy hisian'ny kongresy fa tsy azon'ny antoko Tim hatao ny manatanteraka ny kongoresim-paritra ao amin'ny tokotanin'ny Magro. Isan'ny anton'ny fanakanana ny filazana fa mety hanohintohina ny filaminam-bahoaka ny fanaovana izany ao Avaratsena ary indrindra ny fisian'ny biraom-panjakana manodidina ny toerana. Teto dia efa nampanontany tena ny maro hoe biraom-panjakana inona no hita ao akaikin'ny Magro.

**Teny Avaratsena**

Vao mangiran-dratsy dia efa feno mpitondro filaminana mampivarohontsana teny Avaratsena sy ny manodidina ny Magro, nisy ihany koa ny sakana natao teny Tombontsoa tsy namelana an'i Marc Ravalomanana hiditra teto Antsirabe.

Tsy nisy nanam-po anefa fa tokony ho tamin'ny 10 ora maraina, efa tao an-tsenan'i Sabotsy Atoa Marc Ravalomanana niaraka tamin'ireo mpiara-dia aminy, ankoatra ireo niandry teny an-tsisindalana tao Aravatsena. Poa tahaka izay dia tomefy olona ny arabe niara-nizotra tamin'i Marc Ravalomanana hihazo ny Magro. Solombavambahoaka folo teo no nanotrona an'Atoa Marc Ravalomanana ary ireto farany no nifampiresaka tamin'ny mpitandro filaminana teo amin'ny sakana voalohany. Tsy voafehy anefa ny fifanosehana noho hamaroan'ny vahoaka ka rava ny sakana. Alohan'ny sampanana hiditra ny Magro no indreo tazana ny mpitandro filaminana avy amin'ny ESI raha ny fanamiana nanaovany.

**Nipoaka ny baomba**

Tsy nisy ny marimaritra iraisana ary teto no nanomboka nanapoaka baomba mandatsa-dranomaso ny mpitandro filaminana hanaparitahana ny vahoaka, ka ireo mpitandro filaminana avy any ivelany ireo no nitarika izany. Tsy nisy fiafarany fa dia varararaka ny tifitra, rakotra setroka teny Avaratsena sy ny manodidina. Tsy nitsitsy ireo mpitandro filaminana na dia metatra vitsy monja aza ny elanelana. Napoakan'izy ireo izany, niampy ny daroka nahazo ireo sivily nanao fihetsiketsahana. Maro ny sempotra, nisy mihitsy aza ny torana sy naratra . Araka ny fantatra dia efatra ny naratra mafy, saingy nalefa nody izy ireo rehefa nahazo fitsaboana sahaza azy tao amin'ny hopitaly. Nisy ihany koa ny voasambotra, efa navotsotra izy ireo, raha ny vaovao voaray farany.

Nandritra izany, tsy niala tao amin'ny fiarany Atoa Marc Ravalomanana fa nikasa hiditra tao amin'ny Magro ihany. Nisy tamin'ireo mpitandro filaminana no nahavita nihanika ny fiara nitondra ity filohampirenena teo aloha ity ary nanozongozana izany. Voatery nitodi-doha ny fiara nitondra an'i Marc Ravalomanana noho izany. Nizotra nianavaratra nandeha antongotra ny Filoha Marc Ravalomanana niaraka tamin'ireo vahoaka maro be rehefa tsy tafiditra tao amin'ny Magro. Nanomboka teo Avaratsena izany nihazo an'Ambohimiandrisoa, Mahazoarivo, lisea André Resampa, talohan'ny nandehanana tao amin'ny Tiko Top tao Mahafaly Vatofotsy.

Tokony ho tamin'ny 2 ora tany ho any vao niverina tamin'ny laoniny ny fifamoivoizana. Nihidy ny ankamaroan'ny mpivarotra, noho ny tahotra sy ny fifanosehana.

Maro ny fanehoan-kevitra sy fanakianana fa raha navela malalaka tao amin' ny tokotanin'ny Magro ny antoko Tiako I Madagasikara tsy nisy ny tahaka ireny.

"Tsy faharesena ireny", hoy Atoa Marc Ravalomanana, "fa fandresena". "Natao izay fomba rehetra hanakanana ny tenako tsy hiditra amin'ny tananako", hoy izy, "saingy tsy nahomby". Ny volana jolay ho avy izao no nambarany fa hanaovana ny kongresy nasionaly hatao ao Antananarivo.

**Andry N.**

## Marina izany !

### Andrasana fatratra !

**Mbola mitana ny sain'ny maro amin'izao fotoana izao ny adihevitra manodidina ny fananan'ny filohampirenena zom-pirenena frantsay. Mbola tsy nandrenesam-peo aloha ny voakasika mivantana na dia fantatra aza fa efa tafaverina an-tanindrazana, tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo aza. Ny mpomba azy kosa anefa larahan'ny mpanara-baovao nandre fa mifandimby mitondra fanazavana, saingy somary very ny mpanara-baovao, satria samy manana ny filazany izy ireo, raha ny mifanohitra amin'izay no tokony hitranga. Vokany, ny fanazavana hanamarinana sy hiarovana ny filoha indray no miteraka adihevitra vaovao, indrindra fa lalàna no resahina. Manoloana izany, andrasana fatratra ny fanazavana homen'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, amin'ny maha andrimpanjakana natao hanara-maso ny fampiharana ny lalàna manankery ny eny Ambohidahy. Heverina fa maika izany mba tsy hitaran'ny adihevitra, andaniny. Ary ankilany, tsy hiteraka savorovoron-kevitra ahiana hitatra any amin'ny fifankahalana sy ny lonilony, raha toa ka fitoniana sy firaisan-kinan'ny samy Malagasy no tokony hanjaka, andro vitsivitsy mialoha ny fankalazana ny fetim-pirenena. Ary tsy ny mahakasika ny 26 jona ihany fa ny hoavin-dRamalagasy amin'ny ankapobeny mihitsy no manomboka mampanahy raha toa ka mitohy ny disadisa sy ny fifankahalana noho ny hevitra sy ny fironana pôlitika tsy mitovy ary ny tombontsoa samy manana ny azy. Iarahan'ny rehetra mahalala mantsy fa mbola tsy miravona ny takaitra navelan'ny krizy nifanesy teto, raha tsy hitanisa afa-tsy ny tamin'ny taona roa sy roa arivo ; ny taona sivy sy roa arivo; ny taona valo ambiny folo sy roa arivo. Enga anie mba ho eny ambony latabatra no hiafarany !**

**Voahangy Rakotozafy**

Antenimieran'ny Oloben'i Madagasikara

# "Miharitra ny harem-pirenena kanefa miiba ny fari-piainan'ny Malagasy"

Nivoaka tamin'ny fahanginany manoloana ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana izao ny Antenimieran'ny Oloben'i Madagasikara [AOM] sy ny Antenimieran'ny Andriana Merina [AAM] raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety tetsy Antaninarenina, omaly. Tsy nivilivily ireo taranak'Andriana ireo raha nilaza nandritra izany fa tsy nitera-bokatsoa ho an'ny firenena malagasy sy ny vahoaka ao aminy mihitsy ny rafitra sy ny fomba fitantanana nateraky ny Lalampanorenana manankery izao hatramin'izay ka mila fanovana izany. "Ny *filazana hoe mandroso sy mahaleotena isika dia toa ny hevi-dravona ihany, noho ny fiankinan-doha diso tafahoatra amin'ny any ivelany sy noho ny harem-pirenena miharitra kanefa tsy mitsahamiiba ny fari-piainan'ny Malagasy*", hoy ny Andriambenimerina sady Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana teo aloha, Rajaonarivony Jean Michel tamin'izany. Ao anatin'izany rehetra izany, tsy nijanona tamin'ny fitanisana ireo olana samihafa iainan'ny Malagasy ankehitriny fotsiny ny AOM sy ny AAM fa nitondra ny heverin'izy ireo ho vahaolana hamoahana ny firenena ao anatin'izao fahasahiranana izao.

**Repoblika faha-5**

*"Mila rafi-pitantanana mendrika i Madagasikara. Izao no andro ifohazana. Mba tsy ho an'ny olona iray na ho vondron'olona irery na antoko tokana na vahiny intsony ity firenentsika ity. Rafi-pitantanana miainga avy any ifotony sy mifototra amin'ny soatoavina, ny kolontsaina, ny fomba amampanao ary ny hasina maha Malagasy*", hoy ny fanazavana. Mifanindran-dalana amin'izany, mieritreritra ireo taranak'Andriana ireo fa mila atsangana ny Repoblika fahadimy ka raiketina ao anatin'ny Lalampanorenana vaovao ny hoe tsy mizaka afa-tsy zom-pirenena malagasy ny mpitantana ny fanjakana. Mila apetraka ao anatin'izany koa, hoy hatrany izy ireo, ny fametrahana Andrimpanjakana manokana ho an'ny Andriana sy ny Olobe manerana ny Nosy hahafahany manatanteraka ny adidy sy ny andraikiny.

**Mamy R.**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 138 - 06 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Lasopy legioma mahasalama

**Zavatra ilaina** : poarao 3, karoty 2, céleri 1, voatabia 3, korzety 1, tongolo be 1, hanimaitso toy ny persily, tongolo maitso, bazilika, crème fraîche 2 sotro lehibe, rano, sira sy dipoavatra

**Fikarakarana azy** : sasao tsara ny legioma, teteho madinika daholo. Ampangotrahy ny rano. Arotsahy ao ny legioma ka ataovy afo malefaka. Aza atao dibo-drano be loatra. Rehefa masaka, potsero ny legioma rehetra ary araraho ao koa ny hani-maitso. Rehefa handroso azy no raraho crème fraîche. Arosoy mafana fa sady mahasalama no matsiro.

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


Telma
Isika rehetra
manan-danja
#IsikaIray
GCL 526/1-1